

PERIKOPA ALAHADY 13 Septembre 2026
(Péricope du Dimanche 13 Septembre 2026)

Salamo / Psaume 103
Genesisy / Genèse 50 : 15 - 21
Romana / Romains 14 : 7 - 9
Matio / Matthieu 18 : 21 – 35

« Satria raha velona isika dia velona ho an'ny Tompo ary raha maty isika dia maty ho an'ny Tompo; koa amin'izany, na velona na maty isika dia an'ny Tompo ihany. »
Romana 14.8

« Si nous vivons, nous vivons pour le Seigneur, si nous mourons, nous mourons pour le Seigneur. Alors, en vivant ou en mourant, nous appartenons au Seigneur. »
Romains 14.8

SALAMO 103 (MRV)

Misaora NY TOMPO - Nataon'i Davida.

- 1 Misaora NY TOMPO, ry fanahiko ary izay rehetra ato anatiko, misaora ny anarany masina.
- 2 Misaora NY TOMPO, ry fanahiko ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra,
- 3 izay mamela ny helokao rehetra, izay manasitrana ny aretinao rehetra,
- 4 izay manavotra ny ainao tsy hidina any an-davaka, izay manarona famindrampo sy fiantrana anao,
- 5 izay mamoky zava-tsoa anao; mihavao toy ny an'ny voromahery ny fahatanoranao.
- 6 NY TOMPO manao fahamarinana sy fitsarana amin'izay rehetra ampahorina.
- 7 Efa nampahafantatra an'i Mosesy ny lalan-kalehany Izy; nampahafantariny ny asa lehibe nataony ny Zanak'Israely.
- 8 Mamindra fo sy miantra NY TOMPO, mahari-po sady be famindrampo.
- 9 Tsy mifandahatra mandrakariva Izy, na mitahiry fahatezerana mandrakizay.
- 10 Tsy mba manao amintsika araka ny fahotantsika Izy, na mamaly antsika araka ny helotsika.
- 11 Fa tahaka ny haavon'ny lanitra ambonin'ny tany no haben'ny famindrampony amin'izay matahotra Azy.
- 12 Tahaka ny halavitry ny atsinanana amin'ny andrefana no halavitry ny anesorany ny fahotantsika amintsika.
- 13 Tahaka ny fiantran'ny ray ny zanany no fiantran'NY TOMPO izay matahotra Azy.
- 14 Fa Izy dia mahalala ny namolavolana antsika ka mahatsiaro fa vovoka isika.
- 15 Tahaka ny ahitra ny andron'ny zanak'olombelona; tahaka ny vonin-javatra any an-tsaha ny famoniny,
- 16 satria tsofin'ny rivotra izy ka lasa ary tsy mahalala azy intsony ny toerany.
- 17 Fa ny famindrampon'NY TOMPO dia hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay amin'izay matahotra Azy ary mihatra amin'ny taranaka ny fahamarinany,
- 18 dia amin'izay mitandrina ny faneken'ny sy mahatsiaro hankatò ny didiny.
- 19 Efa nampitoetra ny sezafiandrianany any an-danitra NY TOMPO; ary manapaka izao rehetra izao ny fanjakany.
- 20 Misaora NY TOMPO, ianareo anjeliny, dia ianareo izay mahery indrindra sady mankatò ny didiny ary mihaino ny feon'ny teniny.
- 21 Misaora NY TOMPO, ianareo miaramilany rehetra, dia ianareo mpanompony izay manao ny sitrapony.
- 22 Misaora NY TOMPO, ianareo asany rehetra manerana ny fanjakany. Misaora NY TOMPO, ry fanahiko.

PSAUME 103 (PDV)

L'amour du Seigneur est immense

- 1 *De David. - Je veux remercier le Seigneur, je veux remercier le Dieu saint de tout mon cœur !*
- 2 *Oui, je veux dire merci au Seigneur, sans oublier un seul de ses bienfaits.*
- 3 *C'est lui qui pardonne toutes mes fautes et guérit toutes mes maladies.*
- 4 *Il arrache ma vie à la tombe, il me couvre d'amour et de tendresse.*
- 5 *Il remplit de bienfaits mes vieux jours. Il me donne une nouvelle jeunesse, et j'ai la force de l'aigle qui s'envole.*
- 6 *Le Seigneur rend des jugements justes, il fait justice aux gens sans défense.*
- 7 *Il a découvert ses projets à Moïse et ses grandes actions au peuple d'Israël.*
- 8 *Le Seigneur est rempli de tendresse et de pitié, il est patient et plein d'amour.*
- 9 *Il ne fait pas sans arrêt des reproches, sa colère ne dure pas toujours.*
- 10 *Il ne tient pas compte de nos péchés, il ne nous punit pas comme nous le méritons.*
- 11 *Son amour pour ceux qui le respectent est immense, immense comme le ciel au-dessus de la terre.*
- 12 *Comme le soleil levant est loin du soleil couchant, il met nos fautes très loin de nous.*

13 Comme un père aime ses enfants, le Seigneur aime avec tendresse ceux qui le respectent.
 14 Il sait bien de quoi nous sommes faits, il se souvient que c'est d'un peu de poussière.
 15 La vie humaine est comme l'herbe, elle ressemble à la fleur des champs. Elle commence à fleurir,
 16 puis, sous le souffle du vent, elle disparaît, on ne sait même plus où elle était.
 17 Mais l'amour du Seigneur dure depuis toujours et durera toujours pour ceux qui le respectent. Il reste sans
 cesse fidèle pour les enfants de leurs enfants,
 18 pour ceux qui gardent son alliance et pensent à faire ce qu'il commande.
 19 Le Seigneur a son siège dans le ciel, son pouvoir royal s'étend sur le monde entier.
 20 Remerciez le Seigneur, vous, ses anges puissants ! Vous accomplissez ses ordres, et vous obéissez dès que
 vous entendez sa voix.
 21 Remerciez le Seigneur, vous, l'armée de ses serviteurs, qui faites ce qu'il désire.
 22 Vous tous qu'il a créés, remerciez le Seigneur, partout où il est roi ! Et moi, à mon tour, je dirai merci au
 Seigneur.

GENESISY 50 : 15 - 21 (MRV)

Ny fiafaran'ny fiainan'i Josefa

15 Rehefa hitan'ny rahalahin'i Josefa fa maty ny rainy dia hoy izy ireo : Sao dia hankahala antsika i Josefa ka hamaly
 antsika tokoa noho ny ratsy rehetra nataontsika taminy !
 16 Koa nandefa iraka nankany amin'i Josefa izy ireo ka niteny hoe: Nanafatra ny rainao, fony izy tsy mbola maty,
 17 hoe : Izao no holazainareo amin'i Josefa : Mamelà re ny fahadisoan'ny rahalahinao sy ny fahotany fa nanao ratsy
 taminao izy ! Eny, mamelà ankehitriny ny fahadisoan'ny mpanompon'ny Andriamanitry ny rainao ! Nitomany i Josefa
 rehefa niteny izany taminy izy ireo.
 18 Koa nanatona azy ny rahalahiny ka niankohoka teo anatrehany sady niteny hoe : Indreto izahay ho mpanomponao.
 19 Fa hoy i Josefa tamin'izy ireo : Aza matahotra ! Moa solon'Andriamanitra va aho ?
 20 Ianareo no nisaina hanisy ratsy ahy fa Andriamanitra kosa nisaina izany ho soa, mba hahatonga izany ho tahaka ny
 amin'izao anio izao, hamelona olona betsaka.
 21 Ankehitriny, aza matahotra ianareo, fa izaho no hiantoka anareo sy ny zanakareo madinika. Dia nampionona azy sy
 nilaza teny malefaka taminy izy.

GENESE 50 : 15 - 21 (PDV)

Joseph pardonne à ses frères

15 Après la mort de Jacob leur père, les frères de Joseph se disent : « Maintenant, Joseph va peut-être nous
 considérer comme des ennemis. Il va peut-être nous rendre tout le mal que nous lui avons fait. »
 16 Alors ils envoient à Joseph ce message : « Avant de mourir, ton père a donné cet ordre :
 17 "Dites de ma part à Joseph : S'il te plaît, pardonne à tes frères leur faute, tout le mal qu'ils t'ont fait !" Oui,
 pardonne-nous cette faute, à nous qui servons le même Dieu que ton père. » Quand Joseph entend ces paroles,
 il se met à pleurer.
 18 Ses frères viennent eux-mêmes le trouver. Ils se jettent à ses pieds en disant : « Nous sommes tes
 esclaves ! »
 19 Joseph leur répond : « N'ayez pas peur ! Je ne suis pas à la place de Dieu.
 20 Vous avez voulu me faire du mal, mais Dieu a voulu changer ce mal en bien. Il a voulu sauver la vie d'un
 grand nombre de gens, comme vous le voyez aujourd'hui.
 21 Maintenant, n'ayez pas peur ! Je prendrai soin de vous et de vos familles. » Par ces paroles pleines
 d'affection, Joseph rend courage à ses frères.

ROMANA 14 : 7 - 9 (MRV)

7 Fa tsy misy velona ho an'ny tenany isika ary tsy misy maty ho an'ny tenany.
 8 Satria raha velona isika dia velona ho an'ny Tompo ary raha maty isika dia maty ho an'ny Tompo; koa
 amin'izany, na velona na maty isika dia an'ny Tompo ihany.
 9 Fa izany no nahafatesan'i Kristy sy nahavelomany indray, mba ho Tompon'ny maty sy ny velona Izy.

ROMAINS 14 : 7 - 9 (PDV)

7 Personne parmi nous ne vit pour soi-même, et personne ne meurt pour soi-même.

8 Si nous vivons, nous vivons pour le Seigneur, si nous mourons, nous mourons pour le Seigneur. Alors, en vivant ou en mourant, nous appartenons au Seigneur.

9 Oui, le Christ est mort et il est revenu à la vie, pour être le Seigneur des morts et des vivants.

MATIO 18 : 21 – 35 (MRV)

Ny fifamelan-keloky ny mpirahalaky

21 Dia nanatona i Petera ka niteny Taminy hoe: Tompoko, impiry moa no hanotan'ny rahalahiko amiko ka havelako izy? Hatramin'ny impito va?

22 Fa hoy Jesosy taminy: Tsy lazaiko aminao hoe: Hatramin'ny impito, fa hatramin'ny impito amby fitopolo.

Fanoharana ny amin'ilay mpanompo tsy namindra fo

23 Koa amin'izany, ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny mpanjaka iray izay ta hanamarina ny amin'ny toe-bolany amin'ny mpanompony.

24 Ary raha vao nanamarina izy dia nisy iray noentina teo aminy, izay nitrosa talenta iray alina.

25 Ary satria tsy nanan-kaloa izy io dia nasain'ny tompony hamidy izy sy ny vady aman-janany mbamin'ny fananany rehetra mba handoavana ny trosa.

26 Dia niankohoka teo anatrehany ilay mpanompo ka niteny hoe : Tompoko, omeo andro aho fa haloako ny anao rehetra.

27 Omena azy ny tompon'izany mpanompo izany ka nandefa azy sady namoy ny trosa taminy.

28 Nefa nony niala teo ilay mpanompo dia nahita mpanompo namany iray, izay nitrosa denaria zato taminy; dia nosamboriny Ilehio ka nokendainy sady nataony hoe: Aloavy izay trosako any aminao.

29 Fa niankohoka ilay mpanompo namany ka nifona taminy hoe: Omeo andro aho fa haloako ny anao.

30 Nefa tsy nety izy fa lasa nampiditra azy tao an-tranomaizina mandra-pandoany ny trosa.

31 Nony hitan'ireo mpanompo namany izay efa nataony dia nalahelo indrindra izy ireo ka nandeha nanao tatitra tamin'ny tompony momba ny zava-niseho rehetra.

32 Dia nampiantsoin'ny tompony Ralehilahy ka noteneniny hoe: Ry mpanompo ratsy fanahy, efa nafaiko manontolo ny trosa taminao satria nifona tamiko ianao;

33 moa tsy tokony mba ho namindra fo tamin'ny mpanompo namanao koa va ianao tahaka ny namindrako fo taminao ?

34 Dia tezitra ny tompony ka nanolotra azy ho amin'ny mpampijaly mandra-pandoany ny trosa rehetra.

35 Ary tahaka izany koa no hataon'ny Raiko izay any an-danitra aminareo, raha tsy samy mamela ny rahalahinareo amin'ny fonareo avy ianareo.

MATTHIEU 18 : 21 – 35 (PDV)

Le serviteur qui refuse de pardonner

21 Alors Pierre s'approche de Jésus et lui demande : « Seigneur, quand mon frère me fait du mal, je devrai lui pardonner combien de fois ? Jusqu'à 7 fois ? »

22 Jésus lui répond : « Je ne te dis pas jusqu'à 7 fois, mais jusqu'à 70 fois 7 fois.

23 C'est pourquoi le Royaume des cieux ressemble à ceci : Un roi veut régler ses comptes avec ses serviteurs.

24 Il commence. On lui amène un serviteur qui lui doit des millions de pièces d'argent.

25 Le serviteur ne peut pas rembourser. Alors le roi donne cet ordre : "Vendez-le comme esclave ! Vendez aussi sa femme, ses enfants et tout ce qu'il a ! Et qu'il paie sa dette !"

26 Mais le serviteur se met à genoux devant le maître et il lui dit : "Sois patient avec moi, et je te rembourserai tout !"

27 Le maître est plein de pitié pour son serviteur. Il supprime sa dette et le laisse partir.

28 « Le serviteur sort. Il rencontre un de ses camarades de travail qui lui doit 100 pièces d'argent. Le serviteur le saisit. Il lui serre le cou et lui dit : "Rembourse ce que tu me dois !"

29 Son camarade se jette à ses pieds et il le supplie en disant : "Sois patient avec moi, et je te rembourserai !"

30 Mais le serviteur refuse. Il fait jeter son camarade en prison, en attendant qu'il rembourse sa dette.

31 Les autres serviteurs voient ce qui est arrivé. Ils sont vraiment tristes, ils vont tout raconter à leur maître.

32 Alors le maître fait venir le serviteur et il lui dit : "Mauvais serviteur ! J'ai supprimé toute ta dette parce que tu m'as supplié.

33 Toi aussi, tu devais avoir pitié de ton camarade, comme j'ai eu pitié de toi !"

34 Le maître est en colère. Il envoie le serviteur en prison pour le punir. Le serviteur restera là en attendant qu'il rembourse toute sa dette. »

35 Et Jésus ajoute : « Mon Père qui est dans les cieux vous fera la même chose, si chacun de vous ne pardonne pas à ses frères et sœurs de tout son cœur. »